VONINAHITRA HO AN'ANDRIAMANITRA !

## NY FIVORIANA MAHOMBY eto @ FPMA - sy/na
## Ny FOMBA FANOMANANA SY FITARIHANA ARY FANATREHANA FIVORIANA Eto @ FPMA

*Mpanofana: Atoa Jean-Solo RAFIDINARIVO – TALE Komity Nasionaly Projet Laika FPMA*

**Fampidirana:**

- Ny Fivoriana mahomby sy fivoriana tsy mahomby
- Maro loatra ny fivoriana feno endrika TSY mahomby eto amin'ny FPMA toy ny
- Resaka be nefa tsy misy zavatra mivaingana
- lohahevitra iray no nandaniana ny fotoana manontolo
- fivoriana nantsoina ho adiny iray lasa adiny efatra nefa tsy vita akory ny tokony ho natao rehetra
- adiny iray aorian'ny fotoana nifanomezana vao nanomboka
- Misy olona nantsoina nefa tsy nipoitra dia lasa tsy afaka nanapakevitra (na nanapaka ihany nefa tsy noeken'ny rehetra)
- Misy olona tsy nantsoina nefa tonga manatrika ny fivoriana: ahaoana no atao? ekena manahirana, tsy ekena sao mampiady
- ny fivoriana malagasy tsy toy ny an'ny vazaha:
- tsy efficace, tsy marimpotoana,
- manome ny fihetsempon'ny miteny fa tsy manome hevitra hampandroso ny dinika,
- be resaka mivoana tsy ao @ lohahevitry ny tanisa dinika ny miteny,
- ny miteny ihany foana no miteny,
- tsy fantatra intsony indraindray aiza ho aiza @ fivoriana moa isika izao,
- ny fihetsiky ny mpivory ato amin'ny fiangonana indraindray toa lasa toy ny fihestiky ny mpivory @ association'n izao tontolo izao,
- tsy misy vavaka mialohan'ny fivoriana, na lasa ny vavaka no lava be dia tsy misy fotoana intsony handinihina raharaha,
- misy mpivory tonga tsy niomana mihitsy ary tsy mahafantatra akory izay antom-pivoriana (arrivent les mains dans les poches),...

Ahoana ary no atao ialana amin'izany endrika TSY mahomby rehetra izany:
Mizara roa lehibe ny valinteny ho singanintsika:

I- **Ny Mila Omanina sy fantarina alohan'ny fivoriana/ A identifier lors de la préparation de la réunion (*mpitarika sy mpanatrika ny fivoriana)***

II- **Ny Ataon'ny Mpitarika ny fivoriana Mandritra ny fivoriana**

## I- Mila Omanina sy fantarina alohan'ny fivoriana/ A identifier lors de la préparation de la réunion:

Ny mpanomana ny fivoriana dia mila manomana, mamantatra farafahakeliny ireto teboka 13 ireto:

1. Tanjon'ny fivoriana: Tanjona kendrena/But - Vokatra andrasana/Resultats attendus/Output/
2. Iza no tompon'andraikitra ny fivoriana / qui est l'organisateur – quelle est l'instance organisatrice
3. Inona ny fitsipika mihatra sy mamaritra ny fivoriana
4. Inona ny Tanisa dinika / agenda
5. Iza avy ireo Olona mila manatrika ny fivoriana: mpanapa-kevitra/mandatsa-bato - mpanatrika mandray anjara @ dinika fa tsy mandatsabato - vahiny sy/na expert asaina
6. iza no Mitarika ny fivoriana
7. iza ireo olona mampiditra ny dinika isaky ny tanisa dinika (mila manomana ireo olona ireo)
8. iza no Mpandray an-tsoratra
9. iza no manao nyTatitra
10. inona ny Datin'ny fivoriana
11. rahoviana no mila lasa ny fiantsoana / Datin'ny fiantsoana
12. rahoviana no mila lasa ny tatitra / Datin'ny tatitra
13. Iza no miandraikitra ny Lojistika: famandrihana toerana hivoriana, adiresy, latabatra, seza, tableau na paper board na projecteur, ny sakafo sy/na gouter raha ilaina, ny photocopies documents rehetra iliana, ...sns

Raha Jerena tsirairay:

1. **Mila fantarina ny Tanjon'ny fivoriana:**
    - Inona no tanjona kendrena raha hanao fivoriana
    - Ny Tanjona voalohany sy mandrakariva dia ny ho voninahitr'Andriamanitra. Ny tanjona rehetra ao @ fivoriana dia kendrena tsara ho voninahtr'Andtra hatrany. **Kol 3-23 "na inona na inona ataonareo dia ataovy toy ny ho an'ny Tompo..."** . Ny tanjon'ny fihetsika rehetra koa ao @ fivoriana izany dia ho voninahitr'Andriamanitra hatrany.
    - Fantarina Inona no vokatra andrasana (resultats - outputs) avy @ fivoriana:
        - raha vita ny fivoriana inona no tokony ho fanapahakevitra azo?
        - raha vita ny fivoriana inona no fitrandrahana mila atao (iza inona aiza rahoviana IIARA - Qui quoi où quand)?
        - inona ny fifanakalozankevitra nila vita?
        - inona ny information voazara?
        - inona ny soritrasa voadinika vita planina (tanjona dingana manaraka: iza inona aiza rahoviana IIARA - Qui quoi où quand)
        - inona ny hevitra tsy nitovy sy na disadisa(malentendu) voazava?....
    - Ny vokatra rehetra dia kendrena hatrany ho voninahtr'Andtra hatrany **Kol 3-23 "na inona na inona ataonareo dia ataovy toy ny ho an'ny Tompo...**
2. **Iza no tompon'andraikitra ny fivoriana**:
    - Qui est organisateur?
    - amin'ny anaran'iza no antsoina ny fivoriana?
    - Ambaratonga ve? olona ve? sampana ve?
    - faritany ve? biraon'ny tafo? komitin'ny tafo? ny filoha ve? Rakoto ve? Rabe ve?
3. **Inona ny fitsipika mihatra sy mamaritra ny fivoriana (règles et règlements qui encadrent la réunion):**
    - Inona no fitsipika mihatra @ fivoriana kasaina:

        - raha fivorian'ny komitin'ny tafo, biraon'ny tafo fivorian'ny mpandray dia ny fitsipika inona no mihatra?
        - raha fivoriana faritany dia fitsipika inona no mihatra?
        - raha KM (Komity Maharitra) na synoda lehibe dia fitsipika inona?
        - raha sampana eny @ tafo, sampana eny @ faritany na sampana iraisana, dia fitsipika inona?
    - Inona no lazain'ny fitsipika
    - Hajaina mandrakariva ny fitsipika
    - Ny documents, fistipika sy lalàna mihatra eto @ FPMA:
        - Fitsipi-piorenana - Statut - FPMA (FPMA iombonana)
        - Fitsipika anatiny - règlement intérieur - FPMA (iombonana)
        - Fistipika anatiny – règlement intérieur – FPMA Faritany
        - fitsipi-piorenana - statut - FPMA Tafo
        - fitsipika anatiny - règlement intérieur tafo
        - fistipika anatiny – règlement intèrieur -sampana
        -

**4. Inona ny Tanisa dinika / agenda**

- contenu: asiana mandrakariva fotoambavaka sy fandinihina raharaha
- Ny tanisa dinika voalohany dia fotoam-bavaka:
    - Tsy tradition fotsiny io na hoe sao mahamenatra raha tsy atao satria fiangonana isika,
    - Fa TENA atao amin'ny FINOANA ny tenin'Andriamanitra hoe "Miasa foana ny mpanao trano raha tsy Jehovah no manao azy" (salamo 127:1) koa ny fotoambavaka dia ametrahana ny fivoriana manontolo sy asa rehetra dinihina eo amin'Andriamanitra koa angatahina ny FANAHY MASINA hiasa sy mpampitombo ny asa fa isika kosa mpiasa fitoavana
- durée de la réunion: ora fiatombohana - ora sakafo fiantoana - ora firavana

- et TIMING (durée par sujet): kaotiana avokoa na ny fotoambavaka na ny fandinihina raharaha
- Ny fotoambavaka dia TSY ADIDY mila atao fotsiny, fa FOTOANA hiantsoana ny FANAHY MASINA hitarika mandrakariva ny asa rehetra eo @ fivoriana koa hahomby ny asan'Andriamanitra. Ny VAVAKA dia MAHERY: *Jaona 15:7*: **"Raha miray amiko ianareo, angataho izay tianareo na inona na inona dia ho tonga aminareo izany".**
- asiana samihafa @ farany
- Mila voafaritra mazava ny tanisa dinika (exhaustive, réfléchie, muri) satria TSY ho ekena intsony mandritra ny fivoriana izay resaka rehetra tsy ao anaty tanisa dinika
- Sosokevitra hatrany ny tanisa dinika
- ny "organisateur" miantso ny fivoriana no manao ny sosokevitra tanisa dinika
- Ny fitsipika no mametraka raha ny miantso fivoriana no mandany ny tanisa dinika na Raha ny mpivory no mandany ny tanisa dinika. Oh 1) :Ny tanisa dinika fivorian'ny mpandray dia tokony nandalo komitin'ny tafo koa entin'ny komitin'ny tafo eo @ fivorian'ny mpandray (tsy azo ekena ny mpandray fanasan'ny tompo tsotra manova tanisa dinika ao @ fivorian'ny mpandray nefa tanisa dinika tsy nandalo komitin'ny tafo). Oh 2) Ny tanisa dinika komity maharitra dia ny mpivory komity mahatritra no mandany ny tanisa dinika farany
- Ny tanisa dinika komitin'ny tafo tsy maintsy nandalo Biraon'ny Tafo koa entin'ny biraon'ny tafo eo amin'ny komitin'ny tafo

5. **Iza avy ireo Olona mila manatrika ny fivoriana**:

mpanapa-kevitra/mandatsa-bato - mpanatrika mandray anjara @ dinika fa tsy mandatsabato - vahiny sy/na expert asaina

- mila mifanaraka @ fitsipika
- mila mifinidy tsara ny expert
- ny vahiny

6. **iza ireo olona mampiditra ny dinika isaky ny tanisa dinika (mila manomana ireo olona ireo)**
    - jerena ny andraikitra tandrify sy ny traikefa ary ny fanolorantena
    - Raha misy olona tsy manana traikefa natsoin'Andriamanitra, dia mila hofanina izy sy ampiana
7. **iza no Mitarika ny fivoriana**
    - jerena ny fitsipika sy ny traikefa ary ny fanolorantena
    - Raha misy olona tsy manana traikefa natsoin'Andriamanitra, dia mila hofanina izy sy ampiana
    - Azon'ny filoha atao ny mi-délégué
8. **iza no Mpandray an-tsoratra**
    - jerena ny fitsipika sy ny traikefa ary ny fanolorantena
    - Raha misy olona tsy manana traikefa natsoin'Andriamanitra, dia mila hofanina izy sy ampiana
    - Azon'ny sekretera atao ny mi-délégué
9. **iza no manao nyTatitra**
    - jerena ny fitsipika sy ny traikefa ary ny fanolorantena
    - Raha misy olona tsy manana traikefa natsoin'Andriamanitra, dia mila hofanina izy sy ampiana
    - Azon'ny sekretera atao ny mi-délégué
10. **inona ny Datin'ny fivoriana**
    - raha fivoriana ara-potoana (ordinaire) dia ezahina fantatra ela dia ela mialoha (planning pluri annuel - au moins annuel)
    - raha fivoriana tsy ara-potoana (extraordinaire) dia ezahina fantatra iray volana mialoha fara fahakeliny raha tsy tena raharaha maika
    - 10) rahoviana no mila lasa ny fiantsoana / Datin'ny fiantsoana
    - 11) rahoviana no mila lasa ny tatitra / Datin'ny tatitra
    - 12) Iza no miandraikitra ny Lojistika
11. **rahoviana no mila lasa ny fiantsoana / Datin'ny fiantsoana**
    - oh: Iray volana mialohan'ny fivoriana raha fivoriana ara potoana isan telovolana mihoatra
    - oh: 2 erinandro mialoha raha fivoriana isam-bolana
12. **rahoviana no mila lasa ny tatitra / Datin'ny tatitra**

- oh: Iray volana aorian'ny fivoriana raha fivoriana ara potoana isan telovolana mihoatra
- oh: 2 erinandro aorian'ny fivoriana raha fivoriana isam-bolana

13. **Iza no miandraikitra ny Lojistika**
    - jerena ny fitsipika sy ny traikefa ary ny fanolorantena

## II- Ny Ataon'ny Mpitarika ny fivoriana Mandritra ny fivoriana:

1. Ny zavatra rehetra dia atao am-PITIAVANA (io no lakile ny mpitarika) nefa ENTITRA. Am-PTITIAVANA na dia rehefa entitra aza (toy ny Ray amin'ny zanaka) . Satria hoy ny tenin'Andriamanitra hoe ***I Petera 4:8* "Ny fitiavana dia mandrakotra ota maro"**. Koa mila VONTOM-PITIAVANA tsara izany ny mpitarika. Fitiavana araka ny IKor13: **"Ny fitiavana dia maharitra ny zavatra rehetra,… tsy mitady ny azy,….** TSY mihatsara vela tsihy fa tena atao SINCERE ny FITIAVANA satria tsapan'ny mpivory foana raha vao TSY sincere.
2. Ny mpitarika dia mikendry mandrakariva ny ho 1) <u>modérateur</u> no 2) <u>homme/femme de synthèse</u> no 3) <u>leader</u>
3. Tonga 10 mn alohan'ny fotoana farafahakeliny
4. Manana eo ambanin'ny masony ny:
    - Sosokevitra Tanisa dinika
    - Ny fitsipika mihatra
    - Ny listry ny olona nantsoina koa mandatsa-bato
    - Ny listry ny olona nantsoina ho vahiny (sy na expert)
    - Efa manana eo ankilany ny mpandray an-tsoratra
    - efa manana eo akaikiny ny olona na mpitandrina hanao ny fotoambavaka (akaiky fa tsy lavitra mba ho hita maso fa ekipa iray ny mpitandrina sy ny mpitarika ny fivoriana ary ny mpitan-tsoratra)
5. Manomboka ara-potoana
6. atao ny fotoambavaka efa ao anaty tanisa dinika ary tsy atao latsaka na mihoatra ny TIMING efa napetraka t@ fanomanana ny tanisa dinika
7. Aorian'ny fotoambavaka dia atao ny "fiarahabana sy tonga soa". Ny fehezanteny voalohany lazain'ny mpitarika dia tokony "fiarahabana sy tonga soa". Na sanatria aza tara dia ny fiarahabana sy tonga soa no teny voalohany fa tsy fialantsiny (manaraka ny fialantsiny izay TSY

tokony hisy satria TSY tokony ho tara). Ary ny "ton" ampiasaina dia "ton" milamina sy malemy fanahy (doux) fa TSY mitratrevatreva sy miteny haingana be. Ny "ton" fehezanteny voalohany ampiasain'ny mpitarika no ho "ton" hiasa sy ambiance hisy mandritra ny fivoriana. Hoy ny tenin'ny Tompo hoe "Sambatra ny malemy fanahy fa izy no handova ny tany" **Mat 5:5**. Ary raha misy mitratrevatreva miteny (agressif) dia valiana hoe "hoy ny Tompo Jesoa "Sambatra ny malemy fanahy fa izy no handova ny tany" **Mat 5:5** koa manasa ny rehetra hiteny am-pitiavana avokoa rehefa miteny". @ izay Feno FITIAVANA mandrakariva ny fivoriana fa tsy manome lalana ny fihetsika agressif (mitratrevatreva, na miteny haingana be na …)

8. FIANTSOANA anarana ireo nantsoina rehetra hivory sy araka ny fitsipika koa tonga dia lazaina raha mandatsa-bato na tsia
    - anontaniana raha misy adino sy/na tsy voantso
    - raha misy koa olona tsy nantsoina nefa tonga dia tsofina rano handeha ary lazaina am-pitiavana fa inty fivoriana inty dia TSY misokatra ho an'ny rehetra. AMPITIAVANA hatrany na dia rehefa entitra aza: toy ny ray @ zanaka
    - asaina manangan-tanana ny mpandatsabato rehetra koa isaina (idealement omena bulletin visible de vote / oh KM sy synoda)
9. famakiana ny sosokevitra tanisa dinika
10. anontaniana raha misy sosokevitra tanisa dinika hafa (raha mandany tanisa dinika ny mpivory araka ny fitsipika)
11. Laniana tsangatanana ny tanisa dinika (raha mandany tanisa dinika ny mpivory araka ny fitsipika): a) ENY, b) TSIA, c) ny ambony tsy mana-kevitra (tsy asaina mananga-tanana ny tsy manakevitra raha tsy izany very fotoana loatra @ fanisana vato)
12. aroso ny sosokevitra TIMING par sujet:
    - calcul: ((ora firavana - ora fanombohana - ora fiatoana)/isan'ny lohahevitra tanisa dinika).
        - oh misy tanisa dinika 3 + fotoam-bavaka, mivory 1h, misy pause 5mn iray dia
        - 20h - 19h = 60mn
        - 60mn/4 = 15mn isaky ny lohahevitra 3 ary ny 15 mns ambony dia 5mn fotoambavaka, 5mn fiantsoana anarana sy fandaniana tanisa dinika, 5 mns pause

    - Ao @ tanisa dinika iray (15mn), raha misy olona 4 mila miteny dia 15/4 =3, izany hoe 3 mn avy ny miteny ny olona 4 = 12mn ary 3mn no hananganantanana a) ENY, b) TSIA, c) ny ambony tsy mana-kevitra (tsy asaina mananga-tanana ny tsy manakevitra raha tsy izany very fotoana loatra @ fanisana vato)
  - Laniana tsangatanana ny TIMING isaky ny lohahevitra @ izay tsy misy mahazo mandà intsony ny TIMING satria tinapaky ny rehetra t@ tsangatanana

13. Miroso @ izay @ tanisa dinika voalohany
14. isaky ny lohahevitra @ tanisa dinika
  - refesina tsara sy mandrakariva tsy hihaotra ny TIMING (azo atao ny manendry olona manokana momba izany)
  - Omena fitenenana voalohany ilay olona voatendry t@ fanomanana hitondra ny dinika koa tokony hifarana @ fanontaniana mazava apetraka @ mpivory hanapahakevitra
  - asaina manangatanana izay rehetra tia hiteny (amin'izay izay tsy misy olona tia hiteny rehefa avy nahare ny hafa na dia tsy nanakambara akory aza) dia zaraina @ minitra timing tavela dia avela miteny tsy mihoatra ny TIMING
  - Asaina ny rehetra tsy hisy hamerina izay efa voalazan'ny teo alohany. raha misy tia mamerina, na tsy mivoana @ tanisa dinika aza, dia tapahina AM-PITIAVANA koa lazaina hoe "MOTION D'ORDRE": izay no afahana manapaka fitenenana am-pitiavana ary dia averina @ tanisa dinika ny resaka
  - Izay miteny nefa tsy misy hevitra (parler pour ne rien dire) dia tonga dia tapahina hoe " MISY SOSOKEVITRA VE?" raha tsy misy dia omena ny manaraka ny fitenenana
  - vita ny niteny rehetra dia MANAO SYNTHESE ny mpitarika koa
    - mamintina hoe ireto avy izany ny sosokevitra
    - ary mamadika izany ho fanontaniana ho lanian'ny mpivory
    - oh: ho avy ny groupe Ako hanao fampisehoana koa asiana vidimpidirana ve sa tsia raha eny ohatrinona? koa raha misy soskevitra hoe A) tsy asiana B)

asiana fa 10 euros C) asiana fa 20 euros dia azo apetraka toy izao ny fanontaniana hoe:  1er tour: iza no manao hoe tsy asiana? izao no miteny hoe asiana? tsy manakevitra?. raha lany fa asiana vidim-pidirana dia anontaniana iza no miteny hoe 10 euros? iza no manao hoe 20 euros? tsy manakevitra?

- raha nisy ady hevitra mitady ho agressif dia MANAO MODERATEUR HAINGANA AVY HATRANY NY mpitarika koa miteny ohatra hoe"RAISINA AN TANANDROA NY HEVITRA TSY MITOVY REHETRA KOA REHEFA SAMY VOAZAVA DIA TSY TOHIZANA INTSONY FA MIDITRA @ TSANGATANANA @ IZAY
- Izay miteny rehetra koa TSY MIFANDRAY @ lohahevitra dinihina na fanontaniana mipetraka dia tapahina avy hatrany hoe MOTION D'ordre, hors sujet koa anontaniana tsotra hoe "misy sosokevitra ve sa tsia mifandray @ lohahevitra" dia omena ny manaraka ny fitenenana na miroso tsangatanana
- RAHA vao tsy voahaja ny TIMING, dia tapahina avy hatrany ny fivoriana atao hoe "MOTION D'ORDRE" koa azavaina @ mpivory rehetra fa nihoatra ny timing ary dia mila manapakevitra NA
    - A) halavaina ny fivoriana (mirava tara kokoa ) ary dia apetraka ny ora firavana vaovao
    - na B) misy tanisa dinika esorina tapahin'ny rehetra fa tsy atao - tsy dinihina
    - laniana tsangatanana ny A na B
    - dia afaka mitohy ny fivoriana

15. Faranana @ vavaka ny fivoriana. Ny fotambavaka dia ao anaty TIMING ihany koa.
    - Ny fotoambavaka dia TSY ADIDY mila atao fotsiny, fa FOTOANA hiantsoana ny FANAHY MASINA hitarika mandrakariva ny asa rehetra tinapaka teo @ fivoriana koa hahomby ny asan'Andriamanitra. Ny VAVAKA dia MAHERY:  **Jaona 15:7: "Raha miray amiko ianareo, angataho izay tianareo na inona na inona dia ho tonga aminareo izany".**